**Ho an'ny isan-tokantrano sy ny tsirairay**

- ✓ Manao evoka (ravintsara, kininina fotsy, ....) isan-kariva ny mpianakavy
- ✓ Manao gararàka rano mafana misy sira **kely** na karibonetra **kely** matetika ny tsirairay
- ✓ Misotro rano mafàna matetika mba tsy hijanona ao an-tenda ny virus
- ✓ Tsy entina miditra any an-trano ny akanjo ivelany nentina nivoaka sy ny kiraro fa asiana desinfectant aloha
- ✓ Tsy mifandray tànana ary manasa tànana rehefa nandray vola, poignet, tanan-tohatra,... izay maro mampiasa
- ✓ Mihinana fanafody mampatanjaka : vitamin C, magnesium, spiruline, araka ny toromariky ny mpitsabo
- ✓ Mampiasa ny tantely , voasary makirana, sakamalao, amin'ny fomba mahazatra.
- ✓ Manatona toeram-pitsaboana na miantso Dokotera raha vao misy tranga mampiahiahy na fambaran'aretina tsy mahazatra.
- ✓ Ferana ho 200 no isan'ny mpivory ary hajaina ny fepetra ara-pahasalamana rehetra voalaza eo ambony.

**Mahakasika ny fiainam-panahy sy fiainana Kristiana**

- ❖ Tohizana ny fotoam-pivavahana sy fizaràna Tenin'Andriamanitra azo arahina amin'ny tambazotran-tserasera
- ❖ Mifampahery sy mifampitondra am-bavaka ny Kristiana Loterana rehetra . Jakoba 5:16
- ❖ Miverina eo am-pototry ny Hazo Fijalian'I Jesosy Kristy isika amin'izao Herinandro mangina izao. Ezekiela18 :30-32
- ❖ Mandini-tena sy mibebaka ary mivavaka ho an'ny Firenena ihany koa. IITantara 7:14
- ❖ Tsarovy fa nitondra ny aretintsika tokoa Jesosy ar nivesatra ny fahotantsika.Isaia 53: 4
- ❖ Noho izany dia olona afaka isika ary mandray izany fandresena avy amin'i Jesosy izany. Romana 8: 37
- ❖ Mifalia mandrakariva , eny hoy izaho indray : mifalia... Fil 4 ; 4 ....fa "Tia antsika Jesosy" Apok 3 : 9 d.

Farany dia mitondra fiononana feno sy fampaherezana ho an'ny fianakavian'ireo lavon'ny COVID 19 rehetra izahay ary mirary fahasalamana koa ho an'ireo izay mbola mitsabo-tena any amin'ny hopitaly na any an-trano. Mhatsiaro anareo am-bavaka mandrakariva ny Fibe FLM.

Mampahary anareo Pastora rehetra sy ny Mpitsabo ary ny Mpiasan'ny fahasalamana, ny Mpampianatra ary ny Mpiasan'ny FLM rehetra amin'ny andraikitra raisinareo amin'izao hamehana aram-pahasalamana izao.

Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. amintsika rehetra kosa ny Fiadanana (1Tes.5:23.

Antananarivo, 06 Aprily 2021

Ny Filoha FLM

Fiangonana Loterana Malagasy Filoha (Président) Synoda Lehibe

Rev. Dr. Denis RAKOTOZAFY, Ph.D in Missiology.
Antananarivo (101) Madagascar
Phone: +261 34 48 108 16
Email:denitina2@yahoo.fr